## Politika maloto eto amintsika 3
### Nofofoina hatramin'ny ain'i Ninie Donia mihitsy

## Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) 6
### Tsy avela ho montsana tanteraka ny firaisankina


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Zoma)


**Basy pistolet Wilson** 3
Basy fitondra miady tsy azo ampiasain'ny sivily, hita tamin'ny jiolahy


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto
Alakamisy 23 novambra 2023 Laharana 1498 Vidiny : 600 Ar


**Fitondrana tsy ara-dalàna sy jadona** 3
# Mitohy ny ramatahora ataony amin'ny mpitarika sendikaly




**Angôvo** 7
# Tsy mahafehy ny asany intsony ny Jirama




**Fanomezam-boninahitra an'i Ninie Donia** 2
# Voaatitra ihany ny fehezam-boninkazo na noraran'ny Préfet aza

**Fantaro Ninie Donia** 2
# Mpampianatra teny Anglisy Mpanjakavavin'ny Salegy, mpanao politika






**Tsy fandriampahalemana, Ankilivalo** 6
Vehivavy am-polony nataon'ny dahalo takalon'aina, omby 100 lasany

**Ranohira faritra Ihorombe** 7
Sambany nandeha Montgolfière ireo mpizahatany nitsidika an'Isalo

**Daka kely**
Hanatitra voninkazo avy dia hatahoran'ialahy isany ry Boaikely a !

FANTARO NINIE DONIA

# Mpampianatra teny Anglisy, Mpanjakavavin'ny Salegy, mpanao politika

*Nangonin'Isambilo*

***NANANA NY NAHA-IZY AZY NINIE DONIA FAHAVELONY, SATRIA MPAMPIANATRA TENY ANGLISY IZY, MPANAKANTO MPANJAKAVAVI N'NY SALEGY, SADY MPANAO POLITIKA IHANY KOA. MBOLA NOFONJAIN'NY FITONDRANA RAJOELINA IZY IZAO NODIMANDRY IZAO NY ALAHADY 19 NOVAMBRA TEO. FANTARO ARY, IZA MARINA MOA NINIE DONIA:***

Ninie no anarana fiantso azy mbola kely, BEZARA Eliane Virginie no tena anarany. Teraka tamin'ny 15 Aogositra 1967 tao Nosy-Be Hell-Ville faritra Diana, Madagasikara. Zanak'i BEZARA Jean Joseph sy i KALOZAFY Bibiane. Avy ao Ambatozavavy Nosy-be Hell-Ville, sady mahazo ila Sakalava,Tsimihety, Betsimisaraka, sy Betsileo ihany koa izy. Manana zanaka 02 lahy izy dia i POTHIN Jean De Dieu sy i TONGAZARA Christoly. Ity farany, i Christoly, io ilay nanaraka ny reniny tany Frantsa, izay mpanao mozika (Kriss Jeezy) sy mpilalao Basket ball ao Clermont Ferrand. Ninie dia anarany azo avy amin'ny hoe « Virginie », ka nataony anaran'ny Tarika, fa rehefa nandeha irery ka niala i Bilo (Mpihira tao Diego Suarez) dia nitondra Tarika manokana izy, ka dia i Ninie DONIAH no nosafidiany. Ninie Donia na « Cadeau de la Vie » izany no anarana nentiny.



*Ninie Donia fahavelony.*

### Mpanjakavavin'ny Salegy

Nanomboka niaina mozika sy nihira izy tamin'ny taona 1995, hira niarahany tamin'ny mpanankanto BILO. Mpamorona izy sady mpihira ary anisan'ny nanana loko nampiavaka azy. Maro ireo hira anisan'ny nahafantarana azy : "malilo", " mandiadiasa", "nivaly corres", sns... Maro koa ny raki-kira navoakany tanatin'ny fotoana nihirany, anisan'izany "Donia malamatra", " Ngôma lelahy", "tsara olo be",...
Miisa 05 ny isan'ny albums efa navoakany : 01 Tsara olo be nivoaka ny aprily 1995, Donia malamatra 1998 nivoaka tao amin'ny studio Donia sy ngouv Production tao Mayotte, Ngôma lelahy ilay misy hira nalaza be iny hoe : nivaly corrès, nivoaka ny taona 2001, ny Pensées aux autres, ary ny Vonjia, izany hoe efa an-jatony ny hira navoakan'i Ninie Donia. Ireo Mpiasan'ny Radio sy Journaliste no nametraka sy nanome ny anaramboninahitra azy hoe : " LA REINE DU SALEGY " na ''Mpanjakavavin'ny Salegy'' taminy taona 1999 ary tsy nisy olona nahasahy nandà, ka lasa tsy voafafa hatramin'izao.

### Mpampianatra teny Anglisy

Ny nampiavaka azy, fitafy: hatramin'ny ela izy no efa tia fitafy maha Malagasy no anaovany, ka ny lambahoany no ataony pataloha ary manao fitafy vehivavy Tsimihety sy Sakalava. Mpampianatra taranja teny Anglisy izy, nampianatra izany tamin'ny CEG. Efa maro ireo mpianatra nanaovany asa soa fony izy nampianatra, toy ny hoe manao cours gratuit, miantoka cahiers ny mpianatra, mizara kapa ho an'ny mpianany, izany hoe tia manampy olona efa hatramin'izay i Ninie.

### Mpihira vavy tsy nanaiky lembenana

Nahomby izy teo amin'ny fanaovana mozika. Mbola ny rakikira voalohany « Tsara olobe » dia efa nanindrahindra ny fanajana Raiamandreny ny hirany, naka ny toeran'ny ho mpiaro ny Vehivavy sy ireo voan'ny tsindry hazolena. Lasa Mpihira vavy tsy manaiky lembenana i Ninie Doniah, izay niarahany tamin'ireo Mpitendry ikoizana toa an'i Jean Brice Solo, Fanjava Bory Marantsetry, … Navoitran'i Ninie tanatin'ny hirany ny maha –mafy ny vehivavy: toy ny hoe "Na amianao Bôiny e, zah tsy himpôdy songô". Sy ny hoe "Jôby Zah Ninie e, fa Jôby Volamena". Na dia teo aza izany, tsy adinony ny nihira ny fifankatiavana sy fifandeferana toy ny hoe: "Koezy", "Malilo", "Malilo Zah malilo malilo ô, Mikoezy eeee ! Amin'izay tsy nanaiky lembenana azy izay, nanao politika ihany koa i Ninie Donia, mpitarika ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) tany Nosy-Be izy ary efa kandidà ho depioten'i Madagasikara.

### Nitety firenena maro

Nitondra azy nitety tany maro tany ivelany ny mozika: Tour de Mayotte 3 fois. 1998 voalohany clip nataon'ny RFO Mayotte, Festival RFO Mayotte (Awilo longomba, Linda de Suza, Baster de la Réunion, Ramanison Maurice, Festival Créole Seychelles, Festival de Saint Leu La Réunion ; Zouk Machine ( Christiane Obidol) namany ary nanome alalana an'i Ninie Donia nihira an' ilay Sauver l'amour.
Tour de France : Festival Les Nuits Auxerre, Festival de Madagascar, Tour Lyon (France), Festival Donna Africa 2000-2001 deux fois Torino Italy, Festival de Languaw(Suisse), 3 fois New Morning Paris niaraka tamin'i Ricky, Solomiral, Toty (arrangeur- n'i Mily Clément), Bal National Malagasy en Belgique, Nahazo trophée Femme 2000,... Ny teto Madagasikara, tsy voaiisa ireo seho antsehatra nataony manerana ny Nosy, ary ny fanaovana live sur scène no ikoizana aminy, toy ny nataony nandritra ny Festival Jerijery 1ère édition, izay nahavitany nihosika anatin'ny fotoana lava mandrapahavitan'ny installation- n'ireo mpitendry sy ny sono izay mbola mikirakira kanefa ny mpijery efa tonga, tena mamana talenta mihira i Ninie Doniah.

### Niaro ny tanindrazana

Raha tsiahivina dia nitarika ny olona nanao fihetsiketsehana noho ny fibodoana tanin'olona tao Nosy Be i Ninia Donia ary nijoro niaro ireo olona iharan'ny tsindrihazolena. Nosamborin'ny mpitandro filaminana tany Nosy Be izy ny 17 Jona 2022 ary nomelohin'ny fitsarana higadra 6 volana an-tranomaizina sazy mihàtra. Tokony ho tapitra ny 16 Desambra 2022 io sazy io, nefa tsy afaka nivoaka ny fonja i Ninie Donia, satria nisy avy hatrany ny didy fampidirana azy am-ponja vonjimaika vaovao navoakan'ny fitsarana tao Nosy-Be. Ny 25 aprily 2023 lasa teo indray, nomelohan'ny fitsarana higadra 18 volana an-tranomaizina sazy mihàtra vaovao indray ity Mpanjakavavin'ny Salegy ity. Mbola any amin'ny volana Jona 2024 vao tokony hivoaka ny fonja i Ninie Donia, saingy izao izy nindaosin'ny fahafatesana ny alahady 19 Novambra 2023 teo izao. Nisy ny fangatahana nataon'ny Mpanakanto Wawa Salegy ny 03 Aogositra 2023 teo, nandritra ny fanokafana ny Somaroho 10è dition, izay nandohalihany tamin'ny fanjakana Rajoelina tamin'izany fotoana, ny amin'ny famotsorana azy sy ny famelana ny helony, saingy indrisy tsy nahazo famotsoran-keloka izy hatramin'izao nandaozany ny tany izao, tena mampamahelo sy mahonena. Efa nangataka ny ho atao Evasan izy noho ny tsy fahasalamana, fa tsy nahazo izany. Notsaboina tao Nosy be ihany izy noho izany ary rehefa nihombo ny aretina vao nalefa tany Antsiranana, nefa indrisy fa namoy ny ainy teny an-dalana.
Nihilagna (nodimandry) ny andrarezin'ny kanto, Very olomanga ny taranaka tia tanindrazana eto Madagasikara. Tsy nahazo famidram-po, tamin'ny fiarovana ny tanin'ny Razambeny (Zafinifotsy) nonenan'ny vahoaka madinika tsy ho lasan'ny vahiny karàna sy vazaha no antony nidirany amponja ny 25 Novambra 2021, izay nitarika aretina ho azy tao amponja ka niafara tamin'ny fahalavoany ny 19 Novambra 2023 teo io. Izany hoe 02 taona latsaka 6 andro tany amponja izy. Namoy ny ainy teny an-dalana tao amin'ny Faritra Andrafiabe, 40 km tsy hidirana an'Antsiranana,... rehefa nihombo tao am-ponja ny aretiny ka saika handeha hotsaboina tany Antsiranana. Ao amin'ny Cimétière misy ny fasam-pianakaviany ao Hell-Ville Nosy-Be i Ninie Donia no halevina. Mandria am-piadanana Ninie!

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fanomezam-boninahitra farany an'i Ninie Donia

## **Voaatitra ihany ny fehezam-boninkazo na noraran'ny Préfet aza**

Voaatitra ihany ny fehezam-boninkazo ho fanomezam-boninahitra farany an'i Ninie Donia, nataon'ireo vehivavy olon-tsotra sy mpanao politika, tetsy amin'ny Tsangambaton'ny Mahery Fo tetsy Ambohijatovo omaly. Solontenana vehivavy miisa 6 ihany izy ireo no navelan'ireo herim-pamoretana nanatanteraka izany. Tao aorian'ny fotoam-pivavahana natao ho fialan-tsasatry ny fanahin'i Ninie Donia tetsy Bel'Air Ampandrana nokarakarain'ireo vehivavy olon-tsotra sy mpanao politika ireo, nisy ny solontenan'izy ireo nihazo an'Ambohijatovo nanatitra izany fehezam-boninkazo izany. Na nandrara izany hetsika izany aza ny Prefet de Police-n'Antananarivo afak'omaly, tontosa ihany io hetsika ho fanomezam-boninahitra farany ny mpanakanto sady mpitolona Ninie Donia io. Noho ny halavirana any Nosy-Be misy ny vata mangatsiakan'ity Mpanjakavavin'ny Salegy ity, no nahatonga azy ireo nanatanteraka izao hetsika teto an-drenivohitra izao, ho fiaraha-miory amin'ny fianakaviany sy ny vahoakan'i Nosy-Be, sy ho fanaovam-beloma farany an'i Ninie ihany koa, izay ambaran'izy ireo fa Mpanakanto, Rahavavy, Zoky, ary Ray aman-dreny. Nahatsapa ny fijaliana nolalovany izy ireo ka nanao izao fiarahamientana izao. Fanateram-boninkazo tokoa ve moa dia tokony ho rarana, ka mety nahatsapa an'izay ny herim-pamoretana eto amintsika, ka nilefitra ihany, Andriambavilanitra koa no nanatanteraka ny hetsika, ka sarotra amin'izy ireo ihany ny hampiasa hery amin'izany, ka hany heriny namela ireo vehivavy ireo nanatontosa ny adidiny farany tamin'i Ninie Donia ihany. Tsy nisy tsy nanakiana an'i Prefet sy ireo herim-pamoretana ny maro afak'omaly momba ity hetsika nataona vehivavy ity, hita hoy izy ireo fa ny tahotra no lehibe indrindra amin'ny fitondrana tsy ara-dalàna mitondra ankehitriny, ka na Andriambavilanitra hanatitra fehezam-boninkazo aza dia natahorana.

Mbola aiza re izany e ! tsy misy mahatohitra ny herim-bahoaka io rehefa tena ho avy izany, efa nivadika ho tolom-bahoaka rahateo ny tolon'ireo vondron'ny kandidà.

*Isambilo*

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
**Sandrina A.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Politika maloto eto amintsika

# Nofofoina hatramin'ny ain'i Ninie Donia mihitsy

Anisan'ny misarika ny sain'ny olom-pirenena maro na ny vahoaka malagasy mihitsy, ny nanjo an'ilay mpanakanto Ninie Donia, rehefa narary notsaboina tany amin'ny hopitaly ary naverin'ny manam-pahefana tany am-ponja avy hatrany ary dia maty tany amin'izany fonja izany. Olona mbola tokony harahi-maso akaiky fa marary mafy no noterena hiverina am-ponja. Hany ka nahitsy fiteny hatramin'ny mpamakafaka hoe "tsy namelana raha tsy maty". Izany hoe nofofoina mihitsy izany ny ainy noho ny resaka politika tsotra izao. Dia ho tonga hatramin'izany ve ny fanaovana politika eto amintsika? Tsy midika ve izany fa efa tena mivily lalana tanteraka ny fanaovana politika eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao? Tsy toe-tsaina lomorina sy mihemotra tanteraka ary efa lany andro ve izany, ka amin'ny resaka politika no hifofoana ain'olona?

Nahazo vahana teto amin'ny firenena tato anatin'ny 5 taona farany, ary vao mainka niha- nibaribary izany fanaovana tsinontsinona ny ain'olona izany nandritra ny fotoana nisehon'ireo kandidà hirotsaka ho fidiana filoham-pirenena. Vao mainka aza niha- mafy izany talohan'ny 16 Novambra nanaovana amboletra ny fifidianana. Dia ireny niaraha-nahita ireny ny fihetsiky ny zandary sy polisy notambazam-bola, fa tsy nanao ny asany nanaraka ny ara-dalàna intsony tamin'izay nanofanana azy. Nisy ny rà latsaka hatramin'ny aina nafoy mihitsy tamin'ny famoretana ireo vahoaka nitaky ny famerenana ny tany tan-dalàna nidina an-dalambe tao anatin'ny iray volana mahery. Tsy nampiraika ireo mihazom-pahefana isan-tsokajiny izany ary tsy nasiany teny kely akory aza. Nidika ho an'ny olom-pirenena izany fihetsika izany, fa izy ireo mihitsy no tena namporisika ireo mpamoritra vahoaka mahalala ny zony, kanefa giazina tsy haneho izany. Nentin'ireo nirefarefa tanteraka ny fanaovana politika eto amin'ny firenena ankehitriny ary tsy mampiraika ireo mihazom-pahefana ny fahapotehana sy ny fahafaham-barakan'ny firenena.

Soa fa tsy ny mpanao politika rehetra eto amin'ny firenena anefa no manao izany toe-tsaina lomorina izany. Tsikaritra fa misy ihany amin'izy ireo no mitsinjo ny tsy hisian'ny aina afoy toy izany, na fandatsahan'aina amin'ny fikendrena politika izay ataony. Anisan'ny noezahin'ireo kandidà 10 izany tamin'ny hetsika an-dalambe nataony. Nialàny tanteraka ny kajy politika maloto nataon-dry Rajoelina tamin'ny 2009 -2010 nanongam-panjakana. Ireo kandidà 10 izany miezaka misintona ny firenena tsy ho latsaka amin'ny politika maloto, ireo mihazom-pahefana ankehitriny kosa mandrirotra izany ho amin'ny mifanohitra amin'izany, ka hitarihana ny firenena ho amin'ny lalan-diso tanteraka. Miova endrika ny fositry ny firenena amin'izao fotoana izao.

***Soh'son***

**FITONDRANA TSY ARA-DALÀNA SY JADONA**

# Mitohy ny ramatahora ataony amin'ny mpitarika sendikaly

Mitohy ihany amin'izao fotoana ny ramatahora ataon'ny fitondrana tsy ara-dalàna sy jadona eto amintsika, izay tarihan'ny jeneraly misotro ronono Richard Ravalomanana, sy ny governemantan'ny Praiministra Ntsay Christian, amin'ireo mpitarika sendikaly eto amintsika. Tao aorian'ny fiantsoana ny mpitarika ny sendika Seces sampana Antananarivo Pr Sammy Grégoire teny Fiadanana, voaantso eny amin'ny zandary Brigade Criminelle eny Fiadanana koa izao ny filohan'ny Randrana Sendikaly Barson RAKOTOMANGA. Araka ny fanambarana nataon' ny ao amin'ny Randrana Sendikaly:''mitohy hatrany ny antsojay atao amin' ny mpitarika sendikà eto amintsika. Ankoatra ny filohan'ny SECES Antananarivo dia antsoina eny amin'ny Brigade Criminelle Fiadanana ihany koa ny FILOHAN'NY RANDRANA SENDIKALY Barson RAKOTOMANGA. Tsy azo ekena ny fanitsakitsahana ny zo sy fahalalahana ara-tsendikaly, izay fifanarahana iraisampirenena fototra an'ny OIT faha-87 sy 98, ao koa ny lalampanorenana Malagasy tamin'ny 2010 and 31, 32, 33.'' Voalaza fa manohintohina ny fiandrianam-pirenena koa no iantsoana ity mpitarika sendikà ity eny amin'ny zandary izao, ao anatin'ny zo fototra sendikaly anefa ny fanaovana fitokonana, ka izany dia mbola maneho ny tsy maha-ara-dalàna sy tsy maha tandalàna ny fitondrana misy amin'izao.

***Stefa***





*Ny filohan'ny Seces Antananarivo sy ny filohan'ny Randrana Sendikaly.*


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Ferdinand R.**

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miantsa A.**


**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Basy pistolet Wilson

## Basy fitondra miady tsy azo ampiasain'ny sivily, hita tamin'ny jiolahy



**Rangorindralesoka Zanakandriana:** AVY AIZA IRETO PISTOLET "WILSON" MARO AMPIASAIN'NY JIOLAHY ? Araka ny sary, basy pistolet marque WILSON (misy soratra WILSON ireo basy) miisa 03 mitovy no tratran'ny zandary tamin'ireo jiolahy 05 matiny teny Andohanimandroseza. Raha jerena amin'ny google, voasokajy ho "arme de guerre" izany hoe natokana hoan'ny tafika mianady tsy azo ampiasain'ny sivily, sady lafo vidy ny pistolet WILSON, satria manodidina ny 23 800 000Ariary (4850 Euros) ny iray. Izany hoe ireto pistolet WILSON miisa 03 nentin'ireo jiolahy fotsiny no efa mitentina 71 400 000 Ariary .

**Arison Harijaona :** Osie! Ry Fanja e! Téo akaikin'ny Dia fantany.

**Nax Randri :** fa mba firy moa ny manana passeport diplomatique mivezivezy any ivelany ? iza no voasava dia iza no tsy voasava ? fa angaha moa ekipan'ny mpitondra fanjakana daholo no manampahefana mivezivezy eto Madagascar ?

**Nadia Ratompoary :** mlay zany PA zany, fitondrana mafia, tout est possible !

**Zoky Hasina :** mifohaza zala e... Rehefa tokony hihetsika dia mihetseha fa henjana be zava-misy amin'zao, ho ratsy ny réputation an'ty Madagascar ty raha zao no mitohy a !

**Mathieu Rak :** zah d miteny fa dia samia mizaka ny vokany eto rehefa tonga ny fotoana hihetsehana nefa mbola matory ihany! Fahamarinana, ady @ koli2, ny tany tan-dalàna, zay io andrasantsika eto io.

**MG Color :** otrany hafainganina zany jaly amzao fa tokony mbola @ taona 2030, efa tonga 2023 vokatry ny tsy fahaizagna.

**Rakotoarivony Zoly :** avy amin'ny mpitandro filaminana ihany reny e!

**Rado Rakotondramanana :** izany no ataony rehefa maimbo ny lohany.

**Kevin Andrian :** Wilson samy manana, fa ny anay baolina basket.

**Tchin Paul's :** zany ve dia tsy azo e? plus mbola manana 4x4 misy hoentina manafika miampy scooter dia zany ve dia tsy anaovana fanadihadiana amin'ilay ray tratra. Fa hita hoe mapme lay olona akaik fitondrana ao.

## TONONKALO

### IZA MARINA NO ADALA ? IZA NO MIVERIN-TSAINA?

Ireo mijoro sy manitsy dia lazaina ho « lasa adala »,
Fa 'nareo manaotao foana sasatry ny miala bala?
Tena amboarina daholo irony didy aman-dalàna,
Ho fiarovana ireo maimbo ao anaty fitondrana?

Sao 'nareo eny amin'ny avo no efa tena « very saina » ?
Sao 'nareo izay matin-tseza no eo an-dalam-pialana aina,
Ka tsy misy zava-banona izay ataonareo rehetra,
Ny hany tena misongadina dia ny « tsindry » sy « amboletra »!

Izay mba sahisahy mijoro dia « mpanongam-panjakana »?
Sao ny fonareo no efa tsy mitempo ara-dalàna ?
Tosidra no miakatrakatra ho anareo izay eny ambony,
Fa haneno ny trompetra , tsy azo tanana intsony ?

« Very saina », « lasa adala », izany sisa no fandre
Sy zary tsy afaka ao am-bavan'ireo « very lakile » !
Hiavaka eto tsy ho ela ireo izay vendrana voavidy
Sy ny avara-pianarana mpampisotro ny mangidy !

***DADAN'i RIANA (16-11-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona

**Fotoam-pivavahana ho fialan-tsasatry ny fanahin'i Ninie Donia, nataon'ireo vehivavy olon-tsotra sy mpanao politika, tetsy Bel'Air Ampandrana omaly.**


















## NY TENY FIAINANA

*"Fahavetavetana eo imason'ny mpanjaka ny fanaovan-dratsy; fa fahamarinana no iorenan'ny seza fiandrianana."*
***Ohabolana 16:12***

**Fifanintsanana amin'ny Mondial 2026**

# Mbola voatonontonona indray ny anaran'i Njiva


*I Njiva tany Maroc.*

Mbola voatonontonona indray ny anaran'i Njiva mpilalaon'ny Barea de Madagascar, tamin'ny andro faharoan'ny fifanintsanana aty Afrika hahazoana miatrika ny Mondial 2026, tamin'ny lalao nifanandrinan'ny Malagasy tamin'i Tchad tany Maroc, tamin' ny alatsinainy 20 novambra 2023 teo, saingy tamin'ity indray mitoraka ity dia ny fahombiazany nampiditra baolina roa tamin'ireo baolina telo matin'ny mpilalao tantanan' ny coach Rôrô tamin'io andro faha-2 io. Nidika izany fa tao amin'ny androny i Njiva tamin'io lalao io na dia nosoloin'ny mpanazatra aza (noho ny harerahana angamba). Marihana fa montsan'ny Barea 3 – 0 ny Tchadiana tamin'ity lalao ity « baolina matin'i Njiva (9', 84') sy Lapoussin (90'+1) ». Mitana ny laharana faha-3 vonjimaika, araka izany ny Barea de Madagascar ao amin'ny vondrona I misy azy io izay mbola tarihan'i Comores hatrany taorianan'io andro faha-2 io : 1. Comores 6 pts (2J, +3) 2. Mali 4 pts (2J, +2) 3. Madagascar 3 pts (2J, +2) 4. Ghana 3 pts (2J, 0) 5. Centrafrique 1 pt (2J, -2) 6. Tchad 0 pts (2J, -5). Fandaharam-potoana Vondrona I manaraka andro faha-3 (3-11 jona 2024) : République centrafricaine # Tchad, Madagascar # Comores, Mali # Ghana. Fandaharam-potoana Vondrona I manaraka andro faha-4 (3 – 11 jona 2024) : Ghana # République centrafricaine, Madagascar # Mali, Tchad # Comores. Ireo vokatry ny andro faha-2 rehetra 19 novambra 2023 : Zimbabwwé 1 – 1 Nigéria (G C), Mozambique 0 - 2 Algérie (G G), Burundi 1 – 2 Gabon (G F), Sierra Léone 0 – 2 Egypte (G A), Soudan 1 – 0 Rd Congo (G B). 20 novambra 2023 : Djibouti 0 – 1 Guinée-Bissau (G A), Gambie 0 - 2 Côte d'Ivoire (G F), Libéria 0 – 1 Guinée équatoriale (G H), Sey chelles 0 – 5 Kenya (G F), Mali 1 – 1 République centrafricaine (G I), Tchad 0 – 3 Madagascar (G I). 21 novambra 2023 : Rwanda 2 – 0 Afrique du Sud (G C), Ethiopie 0 - 3 Burkina Faso (G A), Lesotho 0 – 0 Bénin (G C), Malawi 0 – 1 Tunisie (G H), Somalie 0 – 1 Ouganda (G G), Botswana 1 – 0 Guinée (GG), Eswatini 0 – 2 Cap-Vert (G D), Soudan du Sud 0 – 0 Mauritanie (G B), Togo 0 – 0 Sénégal (G B), Maurice 0 – 0 Angola (G D), Sao Tomé-et-Principe 0 – 2 Namibie (G H), Comores 1 – 0 Ghana (G I), Libye 1 – 1 Cameroun (G D), Tanazanie - Maroc (G E), Niger – Zambie (G E).

***Rainilita***

**Road to B.A.L. Johannesburg 2023**

# Lavon'ny City Oilers Ougandais ny Cospn Malagasy


*Cospn Madagascar novembre 2023.*

Lavon'ny City Oilers Ougandais 81 noho 76 ny Cospn Malagasy, tamin' ny talata 21 novambra, teo amin'ny andro voalohan'ny fifaninanana basikety « ROAD TO B.A.L. Johannesburg 2023 », izay fifaninanana tanterahina atsy Afrika Atsimo, ao amin'ny kianja « Ellis Park Arena de Johannesburg » ankehitriny ary natao indrindra hahazoana miatrika ny « Saison 3 » amin'ity fifaninanana ity amin'ny 2024. Tsy hifarana ity fifaninanana ity raha tsy amin'ny alahady 27 novambra 2023 ho avy izao, ka omaly alarobia 22 novambra 2023 dia ny ekipan'ny Ferroviario da Beira (Mozambique) indray, no nihaona tamin'ny Cospn Madagascar omaly alarobia ary ny ekipan'ny Matero Magic (Zambie) kosa no hifanandrina aminy anio atoandron'ny alakamisy 23 novambra 2023. Marihana fa ao amin'ny vondrona B miaraka amin'ny Ferroviario da Beira (Mozambique), ny Matero Magic (Zambie) sy ny City Oilers (Ouganda) no misy ny Club Omnisports de la Police Nationale (COSPN de Madagascar), amin'ity fifaninanana ity.

***Rainilita***

**Coupe de Madagascar 2023 rugby**

# Hifandrindran-dalana amin'ny lalao rugby vehivavy


*Lalao rugby teny amin'ny kianja Makis.*

Hifandrindran-dalana amin'ny lalao rugby vehivavy ny « match de barrage », amin'ny fifaninanana rugby lehilahy « Coupe de Madagascar 2023 », amin'ny alahady 26 novambra 2023 ho avy izao, etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, sy ao amin'ny kianja «Stade Makis Annexe » eny Andohatapenaka ihany . Fandaharan-dalao « Coupe de Madagascar 2023 » : 09h00-Ftba Andohatapenaka # Usa Ankadifotsy, 11h00-Uasc Cheminot # Tfa Anatihazo, 13h00-Tfma Ankasina # Stm Savonnerie, 15h00-Tam Anosibe # Mang'Art Manjakaray. Fandaharandalao « Championnat de Madagascar Dame D-1 et D-2 2023 » : 09h00-Ftvl Lalamaty # Asut Université d'Antananarivo, 11h00-Sabnama Sabotsy # Rosa Antohomadinika.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa




**Henakisoa ritra** indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso ananambo miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fanalana karazana holatra amin'ny tongotra sy ny hoho

Fomba natoraly fanalana karazana holatra na champignon, na infection fongique indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireto avy ny zavatra ilaina : iray amin'ireto no atao:

- Tamotamo poudre 1 sotro kely, asiana rano 1 sotro kely dia afangaro tsara ary ahosotra amin'ilay hoho.
- Vinaigre de cidre de pomme atao amin'ny coton dia ahosotra amin'ilay hoho.
- Huile d'arbre à thé ahosotra aminy.
- Bicarbonate de soude asiana rano kely dia ahosotra aminy.
- Mila diovina isan'andro ny hoho sy ny tongotra, fafana tsara atao maina foana ny rantsan-tongotra , atanin'andro ny tongotra isan'andro.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Mangabe distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Mangabe distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Mangabe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny vomanga, ny voankazo toy ny manga, ny letchi. Mpamboly sy mpiompy ny ankamaroan'ny mponina.



TSY FANDRIAMPAHALEANA, ANKILIVALO MAHABO

# Vehivavy am-polony nataon'ny dahalo takalon'aina, omby 100 lasany

Miseho lany amin' izao fotoana ny tsy fandriampahalemana, any Ankilivalo distrikan'i Mahabo any amin' ny faritra Menabe. Nidiran'ny dahalo tao amin'ity tanànan'Ankilivalo ity, omaly alarobia 22 Novambra tokony ho tamin'ny 3 ora maraina. Mahery ny 100 ny omby ravan'ireo dahalo tamin'ity toerana ity. Tsy vitan'izay ihany koa fa Vehivavy am-polony avy amin'io toerana io, no mbola nataon'ireo dahalo ireo takalon'aina, nalainy an-keriny. Efa manao ny fanarahan-dia ankehitriny ny fokonolona sy ny mpitandro filaminana any an-toerana.

***Stefa***



*Ny tanànan'Ankilivalo any amin'ny distrikan'i Mahabo faritra Menabe.*

Kolontsaina sy Raokandro Malagasy

# Amperinasa tanteraka ny fikambanana FZMMRA

Fikambanan'ny Zanadrano Mpitsabo Mpikaroka Raokandro malagasy Atsimondrano. Io no fanalavana ny fikambanana « FZMMRA ». Ity farany izay misahana sy misehatra manokana ny fiarovana sy ny fikarakarana ireo vakoka malagasy toy ny Doany, ny sehatry ny fitsaboana nentim-paharazana manerana ny Nosy. Ny hamelo-maso hatrany ny nentim-paharazana hita fa mahasoa ny Malagasy tsy ankanavaka mandraka ankehitriny, araka izany, no antom-pisian'ny « FZMMRA », izay tarihan'ny filoha nasionaliny Randrianantenaina Jean Emicaël. Nomarihana tamin'ny fanatanterahana ny vavasa ho amin'ny fanamboarana ireo tohatohabato ahafahana manamora ny fitsidihana ny Doanin'i Dadabe Rakotomaditra, izay miorina ao amin'ny fokontany Ambohimasimbola, Kaominina Ankadivoribe Soalandy, ny sehatrasan'ny « FZMMRA », ny Sabotsy teo. Nanterin'ny filohan'ity fikambanana ity nandritra ny fanatanterahana ny asa, fa ilaina ny fiarahamientana eo amin'ireo samy mpikambana, mba hahafahana manatontosa antsakany sy andavany ny adidy goavana mbola miandry ny « FZMMRA » toy ny fiarovana sy ny fanamboarana atao amin' ireo Doany misy manerana ny Nosy ary ny fiahiana ny sehatry ny fitsaboana nentim-paharazana, sy ireo mpikirakira izany eto Madagasikara. Nanteriny ihany koa fa tsy misy afaka mitsabaka amin'ny asan'ny « FZMMRA » ary efa nahazo ny fankatoavana feno sy ny tsodranon'ny avy eo anivon'ny Ministera mpiahy sy ireo manam-pahefana isan'ambaratongany izy ireo amin'ny fanatanterahana ny sehatrasany. Nanao antso avo ihany koa ny lehilahy ho an'ireo tsara sitrapo sy ireo tompon' andraikitra isan-tsokajiny, izay vonona hifanome tanana amin'ny fikambanana.



*Ampahany amin'ireo mpikambana eo anivon'ny « FZMMRA ».*

Hitohy ny Sabotsy 25 novambra ho avy izao, hanomboka, amin'ny 09 ora maraina, eny amin'ny Doanin'i Dadabe Rakotomaditra, fokontanyAmbohimasimbola, kaominina Ankadivoribe Soalandy, ny fanohizana ny asa ho amin'ny fanamboarana ny tohatohabato ary hisy ihany koa ny fanatanterahana ny fivoriambe hiarahan'ireo mpikambana rehetra eny an-toerana. Ireo rehetra te hitondra ny anjara birikiny dia afaka mametraka izany ao amin'ny Doanin'i Dadabe Rakotomaditra.

***Lalasoa Razafindrakoto***

Fifaninanana Foot à 9 ASSCA Avaradrano

# Hanomboka amin'ny 02 desambra izao

Hanomboka amin'ny sabotsy 02 desambra 2023 ho avy izao, ny fifaninanana baolina kitra lalaovin'olona 9, karakarain'ny Amitié Sportive et Socio-Culturelle Avaradrano tarihan'ny filohany, Rakotonirina Harison Philibert, eny amin'ny amin'ny kianjan'ny Club 3fa Avaradrano eny Antanandrano. Ekipa maro izao no efa fantatra fa handray anjara amin'ilay fifaninanana baolina kitra lalaovin'ny olona 09 eo ambony kianja, karakarain'ny eny amin'ny kianjan'ny Club 3fa Avaradrano eny Antanandrano, hanomboka amin'ny 02 desambra 2023 ho avy izao, ho an'ny sokajy « sénior », « véteran », « super-véteran » ary ny sokajy vehivavy. Nomarihan'ity filoha ity, fa tsy misy ifandraisany amin'ny fifaninanana izay tontosaina isaky ny alahady eny Antanandrano ity fifaninanana ity fa hatao isaky ny sabotsy manomboka amin'ny 11 ora antoandro kosa eny amin'ity toerana ity ihany. Hamafisina hatrany fa tsy mahazo mandray anjara amin'ity fifaninanana ity ireo mpilalao mandray anjara amin'ny Pro League ho an'ny lehilahy, fa afaka mandray anjara daholo kosa ireo mpilalao vehivavy, ka ny antony tena hikarakarana azy ity dia mba hijerena ny haavo teknikan'ireo sokajy vehivavy, sy ireo mpilalao tanora eo amin'ny sokajy « sénior ». Mbola misokatra hatrany ny fandraisana ny anaran'ireo ekipa tehandray anjara amin'ny fifaninanana (Tompon'andraikitra : 032 49 362 73 na 034 32 042 58 . Mr Nirina).



*Harison Philibert Nirina filohan'ny 3Fa Avaradrano.*

***Rainilita***

Jhonna Augustin

# Mila manana fanetrentena sy fahavononana ny mpanao politika



*Jhonna Augustin, olompirenena mpanaraka ny raharaham-pirenena.*

Anisan'ny lesoka be amin' ny fanaovana politika eto Madagasikara ny tsy fananan'ireo mpisehatra amin' izany ny fanetrentena, hoy i Jhonna Augustin, Olompirenena tsotra manaraka akaiky ny raharaham-pirenena. Tsy mampanjaka intsony ilay hoe : « Vero no- taingenam-pody, tsy folaka fa mandefitra » ny ankamaron'ireo Malagasy mikirakira ny « politika ». Anisan'ny nomarihany ihany koa fa mila mivonona amin'ny lafiny rehetra ary sahy hiatrika ireo fifidianana isan'ambaratongany ny tena mpanao politika. Tsikaritra tokoa amin' ireo mpanao politika Malagasy, fa vitsy amin'izy ireo no afaka mifampiresaka sy mifampihaino ankehitriny, noho ilay hambom-po diso toerana sy ny fankahalana tafahoatra loatra. Samy te hampanjaka ny heviny izy ireo. Very tanteraka, araka izany, ilay soatoavina malagasy nanao ho laharam-pahamehana hatrany ny fikatsahana ny soa iombonana, fa ny mahasoa sy ny mahatsara ny tsirairay no manosika ny ankamaroan'ireo Malagasy hirohotra hisehatra amin'ny lafiny poli(fi)tika.
Tsy tokony ho hadinoina anefa fa tokony hipetraka mandrakariva ho fitaratra mangirana tsy misy pentina azo alain-tahaka ho an'ny Valalabemandry ireo mpanao politika. Ny vahoaka ihany koa tokony hahay hankasitraka ny tolotra hita fa mety sy tsara avy amin'ireo mpitondra, fa tsy hanome tsiny mandavan-taona. Nanjavona tao amintsika Malagasy maro an'isa ilay toe-po sy toe-tsaina mahay mankasitraka. Mila kopahana hiredareda indray ny afon'ny fitiavan-tanindrazana sy ny firaisankina ao am-pon'ny Malagasy. Fomba iray ahafahana manatanteraka izany ny fanolorana azy ireo ny fanabeazana ho Olom-pirenena vanona sy mandray andraikitra. Manana adidy goavana amin'izany ny mpanao politika. Raha tanteraka izany, handroso tokoa i Madagasikara, koa hiadana sy ho finaritra ny Malagasy. Aoka samy handray ny andraikitra sy ny adidy tandrify azy, araka izany, ny isam-batan'olona ary hanana indray ilay toe-tsaina sy toe-po mahay mifampihaino anatin'ny fifanajana feno. Tsy vahaolana ny fifanenjehana sy ny fifanaratsiana re ombieny ombieny ankehitriny. Ampanjakao ny fanetrentena.

***Lalasoa Razafindrakoto***

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Tsy avela ho montsana tanteraka ny firaisankina

Miha- vakivaky tanteraka ny fiainam-piarahamonina ankehitriny raha ny fahitana ny zava-misy. Ary ny tena manahirana dia tonga hatrany amin'ny fakany lalina amin'ny fototra maha malagasy ny malagasy izany. Anisan'ny fototra iray lehibe amin'izany ny aina sy ny fanomezan-kasina azy. Miha-hosihosena izany amin' izao fotoana izao. Niaraha-nahalala tsara ny nanjo ilay mpanakanto malagasy tany avaratry ny Nosy nodimandry tany am-ponja Ninie Donia. Natao tsinontsinona mihitsy ny fiahiana ny ainy na dia efa narary izao aza izy. Tsy ny olona akaiky azy ihany no nalahelo na ny mponina any avaratra misy azy, fa na ny mpanakanto manerana ny Nosy ary ny olom-pirenena malagasy ihany koa. Nisy ny fihetsika saika hanehoana firaisankina ny amin'izany, toy ny fametraham-boninkazo tamin'ny toerana iray kanefa noraràna izany. Maneho miharihary ny tsy fanomezan-danja sy tsy fikolokoloana intsony ny toe-tsaina handàla ny soatoavina maha malagasy izany. Ventesina mandrakariva anefa eo am-bava ny hoe fihavanana. Fihavanana feno fihatsaram-belatsihy sisa araka izany no koloina hisy eo anivom-piarahamonina malagasy. Hitarika hatrany ho amin'ny fikorosy fahan'ny firenena izany. Avela ho amin'ny fahapotehana toy izany ve ity firenena nomen'Andriamanitra ho an'ny Malagasy ity ? Manana adidy lehibe araka izany ny taranaka ankehitriny hisoroka izany, ka hamerina ny firenena ho amin'ny toerana mendrika indray tsy ho mena-mitaha amin'ny firenen-kafa. Iray amin'ireo mitarika ho amin'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana. Fifandraisana 0341746053.

***Aris***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**11/11/2023 hatramin'ny 18/11/2023**

**- RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 032 12 736 66 / 034 98 742 23
**- D'IVANDRY** (Ivandry) 032 03 549 76/038 12 549 77/033 11 549 76
**- ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
**- MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69 / 034 05 186 69
**- ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 76 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1498-11-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ANGÔVO**

# Tsy mahafehy ny asany intsony ny Jirama



*Ny foiben-toeran'ny orinasa Jirama etsy Ambohijatovo.*

Tsy mahafehy ny asany intsony ny JIRAMA, na ny Jiro sy Rano Malagasy, hoy ireo vahoaka marobe sendra anay teny am-pilaharan-drano, paompy feno daba sy bidon tsy tambo isaina teny Amboditsiry, sy Ambodimita ary Besarety sy ny manodidina iny. Ny rano tsy misy efa loza ho an 'ny rehetra tanteraka mihitsy, nefa ny vola tsy maintsy aloa koa dia lasa fanerena ny tokantrano sasantsasany handoa vokatry ny tsy rariny sy ny tsy fahaiza-miasan'ity orinasa ity hatrany. Taorian'ny filazana fa ry zareo Jirama mihitsy izao no mitsidika ny mpanjifa, mijery ny jiro na rano lanin'ny tsirairay, dia tsy tontosa izany tany ampiandohana, ka lasa sazy toy jiro sy rano tsy voaloa vola, ka tsy maintsy hanapahana maika ireo vokatra ireo indray. Raha fintinina izany dia ny mpanjifa hatrany no mibaby ny lesoka ataon-dry zareo ireto. Fahasahiranana vokatry ny tandrevaka ataon 'ity orinasa ity no hita izao eo amin'ny sehatry ny angôvo, ka anisan'ny mampihemotra antsika haingana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, lasa any alohan'ny farany mihitsy raha ny filaharana azo faramparany. Mbola ela vao ho tafarina raha mbola fanjakana vonjy maika, sy tantanina vazaha toy izao no misy eto, hoy ny maro nandritra izany fanadihadiana natao izany.

***Beharo***

Ranohira faritra Ihorombe

# Sambany nandeha Montgolfière ireo mpizahatany nitsidika an'Isalo

Sambany nandeha balônina Montgolfière ireo mpizahatany nitsidika an'Isalo, any amin'ny kaominina Ranohira distrikan'Ihorombe tamin'ity indray mitoraka ity. Nisy ny Raid de la Grande île en Montgolfière natao tany an-toerana, sambany tamin'ny tantaran'Isalo no nisy an'izany hatramin'izay. Naharitra 3 andro, ka nifarana ny talata teo, ny fitsidihana miavaka ity valan-javaboary ity. Ny Madagascar Mahasoa Service, niara-niasa tamin'ny Madagascar National Parks ao Ranohira Ihosy, no niara-niasa nahatanteraka izao hetsika izao.Tokana ny tanjona dia ny hampiroboroboana ny fizahantany, ka ahafahana mampiakatra ny isan'ny mpitsidika, satria hatramin'izay dia dia an-tongotra, na amin'ny fiara, no anaovana ny fitsidihana ity toerana miavaka ity.


***Aly***


*Balônina Montgolfière tany Isalo.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 450**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0449)

***Mitsivalana***
- Vehivavy
- Alefa – Fo (miv)
- Lotoina
- SN – Ota
- Ski – As
- Korana
- Anarana

***Mitsangana***
- Valosoa
- Elo
- Hetsika
- Nofy (miv) – Ro (miv)
- Vay – Ora
- No – (T)an(y)
- Voatana
- If – Asa

## TENY MIFANAPAKA N° 450




**Mitsivalana**

**1.** Karazana legioma – Tsirin-teny Mpanao **2.** Resy – Mahadomelina **3.** Manambara lera – Toerana **4.** Manao fitsidihana **5.** Laharana (miv) **6.** Teny fanehoana (miv) Tsy mahafoy tanàna iray **7.** Sakafo – Nandray (BR) **8.** Tsy tonta (miv) – Tia, iry **9.** Kianteny – Milaza fananana (miv) **10.** Mpikarama (miv) – Esotra

**Mitsangana**

**A.** Vahoaka eran-tany **B.** Foto-tsakafo – Kanto (miv) **D.** Ampela (miv) **E.** Mpanondro toerana – Tovona (miv) – Mahantra **F.** Bozaka **G.** Anelanelan'ny vato – Manao fanekena (miv) **H.** Manao (miv) **I.** Mpilalao mandray vola **J.** Feo miverina – Didy mipetraka (miv) **K.** Mampisafidy – Tafita amin'ny sarotra

### Valiny Teny mifanaraka 0449

**Mitsivalana**

**1.** Peratra - Re **2.** Anana - Mamo (miv) **3.** Tinapaka **4.** Mirona (miv) - Nao **5.** (A)lam(o) - RN **6.** Atrika **7.** Hasoavana **8.** Aty - Atody **9.** Antitra **10.** Ivato - Atao

**Mitsangana**

**A** Pataloha **B.** Enina - Vata (miv) **D.** Ranomasina **E.** Rana (miv) - To - TT **F.** Tapitra - Io **G.** Ma (miv) - Tavy (miv) **H.** (L)aok(a) - (S)okatra **I.** Man - Taona (miv) **J.** Rà - Ar - Ad(y) **K.** Embona - Ilo

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Helisoa, Navalona

**Solontenan'ireo vehivavy olon-tsotra sy mpanao politika, nanatitra fehezam-boninkazo tetsy amin'ny Tsangambaton'ny Mahery Fo etsy Ambohijatovo, ho fanomezam-boninahitra farany an'i Ninie Donia.**















